## Haino aman-jerim-panjakana
# Miseho lany ny "Freedomisation" 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 27 Jona 2019 Laharana 924 Vidiny : 400 Ar


**Jehovah, Madagasikara 23 jona 2019, hafatra manokana fetim-pirenena** 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Tranga mampalahelo 7
# Namoa-doza ny fetim-pirenena



## Fetim-pirenena, CUA 2
# 1 hetsy Ariary, vary menaka no azon'ny mpiasa



### FILOHA RAVALOMANANA 2
**Hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy noho ny fetim-pirenena**



### Moto sy fiara 2
**Hisy ny auto-collant manokana ho an'ny mpanao gazety**

### Fetin'ny fahaleovantena 3
**Nampiseho ny maha-mpitondra jadona an-dRajoelina**

### Vola vaovao 7
**Ho avy ny Libra, vola amin'ny facebook**

### Daka kely
Toa nila rà ndray nareo ry Boaikely omaly a !

### Kitra, CAN 2019 6
**Mampanantena ny hiakarana amin' ny dingana manaraka ny BAREA**



FILOHA RAVALOMANANA

## Hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy noho ny fetim-pirenena

Ny fetim-pirenena 26 jona nomarihana omaly, misy ny hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka avy amin'ny Filoha Nasionalin'ny antoko TIM (Tiako i Madagasikara), Marc Ravalomanana. « Miarahaba ny Malagasy mpiray tanindrazana rehetra, na ny eto an-toerana na ny any ivelany amin'izao fetimpirenena izao. Raha mirary soa ho an'ny firenena amin'izao Asaramanitra izao dia mirary soa ny vahoaka Malagasy, na ny kely na ny lehibe. Isika tokoa no maha-firenena ny firenena , koa mirary fahombiazana ho an'ny rehetra amin'izay sehatra misy azy avy.



Ny Filoha Marc Ravalomanana mivady.

Enga anie isika tsy hisy hiraviravy tanana na hialangalana amin'ny adidy sy andraikitra misy antsika amin'ny isan-tokantrano, ny isam-piarahamonina, ny eny anivon' ny asa ataontsika andavanandro. Tsy hanaradriandrano fahatany ny zavamisy ihany koa fa hisaina tsara hatrany, ho sahy sy vonona hijoro amin'ny maha-malagasy, hiady ho an'ny Malagasy, fa izany no hampijoro sy hampandroso ny firenena. Hiara-paly isika anio nefa tsy hanao fety fe-fety fotsiny, fa mba iainana isan'andro ary tandrovina sy arovana tsara izany hoe fahaleovantena izany, amin'ny lafiny rehetra, ho antsika mianakavy izao, fa indrindra ho an'ny taranaka faramandimby".

***Ny Valosoa***

Asaramanitry ny fetim-pirenena, CUA

## 1 hetsy Ariary, vary, menaka no azon'ny mpiasa tsirairay

Tsy nanadino ireo mpiasan'ny kaominina rehetra tsy ankanavaka, sy ny vady aman-janany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, tamin'ny fahatongavan' ny fetim-pirenena 26 jona. Noho ny ezaky ny CUA madiodio, lelavola 1 hetsy Ariary (100 000 Ar) isaky ny mpiasa, vary, menaka no azon'ny mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) tsirairay avy noho izay Asaramanitry ny fetin'ny niverenan'ny fahaleovantena izay. Efa



Ny fizarana fanomezana noho ny fety ho an'ny mpiasan'ny CUA.

fanaon'ny fiadidiana ny tanàna no manome fanampiana sy fanomezana ho an'ny mpiasa tsirairay noho ny Asaramanitry ny 26 jona, sy ny fetin'ny faran'ny taona isan-taona, nandritra izay taona vitsivitsy nitondran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany izay. Arak'izany, tsy ny mponina eto Antananarivo ihany no anaovan'ny kaominina asa sosialy, fa ny mpiasa ao anatin'ny fiadidiana ny tanàna indrindra koa dia tsy diso anjara amin'izany asa sosialy izany. Nankasitraka ny ben'ny tanàna sy ny ekipany, ireo mpiasan'ny CUA tamin'izao ezakaa sosialin'ny fiadidiana ny tanàna izao.

***Isambilo***

Atao Parvis ny toeran'ny RNM

## Mitohy hatrany ny gaboraraky ny fitondrana

Mitohy foana ny gaboraraka ataon'ny fitondrampanjakana ary araka ny loharanom-baovao voaray dia hatao toerana fitadiavam-bola ny faritra nisy ny tranon'ny RNM (Radio Nasionaly Malagasy ) teo aloha, izay lasa lavenona tamin'ny nandoroan'ireo mpitondra tetezamita mpanongam-panjakana azy nandritra ny Lundi Noir faha 26 ny volana Janoary , taona 2009, izay notarihan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina. Iza moa amin'izao fotoana izao no eo amin'ny fitondrana ? Mbola tadidin'ny vahoaka ary tsy afaka ao an-tsain'ny maro fa teo anilan'ny RNM, i Andry Rajoelina no nanome tso-drano ny mpomba azy handeha ho eny amin'ny haino aman-jery MBS taorian' ny nandoroana ny RNM sy nandrobana ny TVM. Ny tsirairay dia afaka mamaly izay, fa dia ity filohan'ny mpanongam-



panjakana ity izany no anisan'ny tompon'antoka voalohanhy tamin'ny fandorana ny RNM sy fandrobana ny TVM. Toa alaim-panahy ny tena manontany hoe : niniana nodorana ary ve dia avy eo hatao teorana fitadiavam-bola ny faritra nisy ny RNM teo aloha io. Tsy manana eritreritra ny hanarina na hamerina amin'ny laoniny ny tranonin' ny RNM mihitsy izany ny fitondram-panjakana raha ny fahitan'ny maro azy. Vao mainka aza hatao Parvis hitadiavambola indray, hanaovana varotra sy fampirantiana ary izay mety hahazoana vola kanefa dia azo lazaina fa haino aman-jery nanana ny naha izy azy izany tranon'ny RNM izany hatramin'izay ka hatramin'izao. Toerana nitahiry ny tantaram-pirenena sy ny zava-nisy teto nandritra ny nisiany. Maro ihany koa ireo mpiasa niasa tao ary efa maro ny nodimandry, namela ny dian-tanany namelona io haino amanjerim-panjakana tokana io. Nanao ny ainy tsy ho zavatra ny mpiasa rehetra tsy ankanavaka tao. Fa dia azon'inona loatra ity fitondrana ity. Tsy manana vola ampiasaina sa fitadiavana diso tafahoatra ka ny harem-pirenena indray no atao tsinontsinona? Maro be ny fanontaniana manoloana ity fikasana hanangana Parvis ny RNM ity. Ny hafa koa mahita fa efa vitan'ny filoha Marc Ravalomanana ny nanangana ilay trano lehibe misy ny TVM sy RNM amin'izao fotoana na dia mbola tsy notokanana mihitsy aza izany, ka zara aza misy an'io mba hahafahana mampiasa ilay tanin'ny RNM teo aloha hahazoambola vetivety. Tsy misy toerana hafa mihitsy ary ve hanaovana izao redidedin'adala rehetra izao, sa tafiditra ao anatin'ny vina IEM ihany koa ny fanaovana izany?

***Rajaonarimpanontsana***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Parady ivelan'ny fitondrana Rajoelina Tsy misy fiantraikany amin'ny aty vilan'ny vahoaka

Ity fitondrana ity no manonofy be indrindra hatramin'izay nisian'ny fitondrana nifandimby teto. Nambaran'i Andry Rajoelina fa ho sangany aty Afriika i Madagasikara ary natao mihitsy izay nanasana ny filoha roandey, Paul Kagame, izay nahavita nampandroso ny fireneny nanatrika ny fetim –pîrenena Malagasy teo. Ny fitondrana Rajoelina, na dia eo i Lalatiana Rakotondrazafy milaza ny tenany ho hendry sy manam-pahalalana, no tsy mba mandray io fitenenana io fa tratra izany amin'ny hoe: jereo aloha ny any an-tsikinana aloha izay vao miady varotra. Izy sy ny ekipany ao amin'ny fitondrana mihitsy, no variana amin'ny fampiderana fahaizana angaha, ka tsy mahita ny tokony hatao maika. Mety hivatravatra fiavy izy ireo miseho ho mahalala, kanefa maivana ihany ny fomba fijeriny ho amin'ny fitadiavam-bahaolana maika ho amin'ity vahoaka Malagasy ity. Tsikaritra fa manao ny fomba fanaon'ny teo aloha ihany ity fitondrana Rajoelina ity na dia midehaka ho tsy mitovy amin'ireo rehetra aza. Miseho ho babany izy kanefa tsy mankaiza firy. Ny fiaingàna tany ampiandohana efa maizimaizina kanefa toa mianakendry ny haneho taratra mazava. Teo alohan'izay koa anefa ny ekipany niseho ho izy no tena tsy misy ohatra azy, kanefa nony niakatra an-kianja nampîngoso sy nampianiana olo-maro. Ny vahoaka etsy ankilan'izany rehetra izany toa natao fitaovana hampiesonina fotsiny.
Tena bado sy badrahodra ve ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao? Ary tsy manana saina izy ka azo mbola anaovana teny fandrebirebena samihafa izao? Izay ve no anararaotin'ireo efa nahazo toerana eo amin'ny fitondrana ankehitriny ka mampiresaka ny vahoaka fotsiny mba ihazonana toerana sy ihazonana tombontsoa manokana? Dia karohina eo izay fampilalaovana azy azo atao rehetra, indrindra ao anatin'izao fanamarihana ny fankalazana ny fetim-pirenena izao, ka anaovana izay fety samihafa azo atao rehetra. Fa mampiova ny any anaty vilanin'ny isan-tokantranon'ny vahoaka inona moa izany? Tsy misy fiovàna izany mazava loatra, ary ny fahoriam-bahoaka ihany no atrehiny eo na miainga ao an-tranony izy na amin'ny mody hariva. Ny parady nanaovana vely vilany teny Mahamasina sy nisian'ireo miaramila vazaha nanao matso teny Mahamasina teny ireny tsy hisy fiantraikany velively any amin'ny aty vilanin'ny vahoaka akory. Ny fanasana ny filoha roandey, Paul Kagame, teo iny tsy midika fa hahavita ny vitany akory isika ary tsy ho vita eto Madagasikara velively ny nataony izay nampandrosoany ny fireneny tany aminy. Aoka tsy hanonofy na hampanofinofisina ny vahoaka Malagasy, fa tsy ho modely na ho sangany aty Afrika izany velively i Madagasikara raha ny hita taratra ankehitriny, enim-bolana voalohany amin'ny fitondrana Rajoelina, izao no lazaina. Lainga be izay milaza izany ary mpandainga izay mbola mihoagahoaga manohana izany ary mpamita-bahoaka tsy mikatsaka afa-tsy ny tombontsoan'ny tenany ihany. Tena fanetriben'ny firenena ankehitriny ireny.

***Sôh'son***

Moto sy fiara

## Hisy ny auto-collant manokana ho an'ny mpanao gazety

Ho fitandroana ny filaminana sy iadiana amin'ireo mpisoloky, misandoka ho mpanao gazety, araka ny dinika efa natao teny amin'ny minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina teny Nanisana, ny biraon'ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto amin'ny faritanin'Antananarivo dia mampahafantatra ireo fepetra hahazoana ny "Autocollant de presse", hitsinjovana ny fandriampahalemana sy hialana amin'ireo mpisoloky ho mpanao gazety mitondra fiara na moto. Misy ny taratasy fenoina, hampirahana amin'izany koa ny scan ny karatra maha-mpanao gazety, sy ny taratasy fanamarinana maha-mpanao gazety avy amin'ny mpampiasa. Ireo rehetra ireo halefa amin'ny adiresy mailaka: sticker.ojm@gmail.com. Ho an'ireo mila fanampim-panazavana dia afaka manontany amin'ny solontenan'ny Biraon'ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Antananarivo, **Zoelson Randrianindrina, 032 07 584 63, 034 01 126 16.**

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fetin'ny fahaleovantena : nampiseho ny maha-mpitondra jadona an-dRajoelina

Tena azo nolazaina fa naresaka tokoa ny tanàna raha ny teto an-drenivohitra no nojerena nanomboka ny talata 25 jona tolakandro satria rakotra olona teny amin'ny Araben'ny Fahaleovantena, nanoloana ny "podium", ny teny Ambohijatovo sy ny lâlana rehetra mizotra mankany an'Anosy sy ny miakatra eny amin'ny tanàna ambony. Tsy mbola naharesy irony kilalao vita sinoa misy jiro maro loko mipipika irony aloha ny fanàla vita malagasy. Azo lazaina fa efa babon'ny zavatra mirentirenty tanteraka ny zaza malagasy na dia mora lavitra noho ny vita avy any am-pita aza izany. Tsy nisy intsony koa ilay fiaraha-mientana manao arendrina ny iray tanàna, fa izay manana lavarangana dia mampiranty ny fanalany eny. Raha ny faharisihana nanangana ny sainam-pirenena indray dia azo lazaina fa tsy toy ny fahita any ivelany loatra rehefa fetim-pirenena satria tsy ny trano rehetra no ahitàna izany. Ny fanamarihana dia na ny lapam-panjakana eo Anosy, ny Lapan'ny Antenimierandoholona aza dia ilay saina kely fahita andavanandro ihany no miofaofa eo. Satria efa saika noravàn'izao fitondrana izao ve ity Andrim-panjakana ity dia izay no antony. Tsy azo lavina fa maneho fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana sy fampisehoana fa eo am-pelatànan'izao fitondrana izao ny fahefana rehetra. Taratry ny didy jadona sahady izany satria raha manana ny maro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny miaraka amin-dRajoelina dia hamoaka izay lalàna mifanentana aminy, toy ny tamin'ny tetezamita, izao mpitantana ny Firenena izao ary tsy hisy eo anivon'ity Andrim-panjakana ity mihitsy izany mpanohitra izany. Tsy resahina intsony ny mpikambana ao amin'ny rafitra mpanatanteraka, governemanta, izay tsy hisy mpanara-maso intsony ny fampiharana ny programam-panjakana (PGE). Efa toy ny any amin'ireo firenena anjakan'ny jadona, Korea Avaratra, "Chine populaire",… no misy eto raha ireo sarin'ny filohan'ny Repoblika IV, Andry Rajoelina mirentirenty eran'ny tanàna no jerena. Nangingina ny tapakandro maraina omaly fa ny zava-nisy dia tonga hatreny amin'ny tonelina ny filaharan'ny olona nandeha nijery ny matson'ny tafika tao Mahamasina noho ny fisavàna tao ambavahady. Tamin'ny 1 ora latsaka kely vao nofoanana, angamba, ny fisavàna ka nirohotra nibosesika ny vahoaka. Mbola nampiseho ny tsy fahamatoran'ny fanapahankevitr'izao fitondrana izao iny tranga omaly iny. Raha ny resaka matso indray dia ankoatr'ireo fitaovana vaovaon'ny foloalindahy, fiara mifono vy, fiaramanidina, angidim-by, dia toa miverina any amin' ny fanjanahantany indray satria dia nisy andian-tafika frantsay nandray anjara. Mety tsy ho nampiraika ny maro ihany izany raha namaly ny fanasana nomena azy ny filoha frantsay ka nanatrika ny matso saingy tsy izay no nisy, ka mampiheritreritra sy mampametram-panontaniana. Efa tsy ireny karazana fiaramanidina ireny intsony no ampiasain'ny firenena maneran-tany, raha manana izy, fa mbola tsara lavitra noho ireny "super sonique" toy ny "Mig 17 sy 21" tamin'ny Repoblika II ireny. Koa ho entina hanenjehana dahalo mifameno amin'ny "drone" hanamorâna ny fanarahan-dia fa tsy hiarovana ny Firenena sy hamongorana ny mpanao trafika isan-karazany any an-dranomasina any. Nentina nividianana ireny fitaovana isan-karazany ho an'ny foloalindahy ireny, angamba, ny vola tokony nolaniana tamin'ny hanimpitoloha fanao sy ny fampienana ny tetibolan'ny Antenimierandoholona ary ny fitsitsiana nodradradradraina hatramin'izay. Nahatratra ny "asara…manitra" tokoa ny ao amin'ny fitondrana afaka nampiranty ireo fitaovana "manara-penitra" ireo fa… arahabaina nahatratra ny "asara… mamofompofona" fahalovana isan-karazany kosa ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo.

***Andry tsiavalona***

---

![facebook NY VALOSOA VAOVAO]

## Hafa ihany ny vinan'ny Filoha Marc Ravalomanana

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** tsy mila epp misy parking fa epp misy cantine ny azy. tsy mila omby misy puce, fa fiarahamonina misy peace na filaminana sy fandriampahalemana. tsy mila tramway sy new town na tanàna vaovao, fa mila lalana ho an'ireo vahoaka hitaterana ny vokatra amin'ny taonina i dada. tsy vary sy tsena mora, fa mila orinasa ho an'ny tanora ny filoha marc ravalomanana. tsy mila zavatra manara-penitra izy fa mila mpitondra tena hentitra. tsy mila building sy miami ravalo, fa mila fialofana ho an'ny 4mi.

**Franck Razafinimbe :** zany ny ol tena misaina fa tsy toa an-dRajoelina, filoha tsy matotra, mivadibadi-dela lava.

**Frederic Andrianarijaona :** hafa ihany NY manana fahendrena, mahazo tolotsaina, sy manana hevitra tsara ho fampandrosoam-pirenena sy ny vahoaka foana.

**Ninas Ramaroson :** tena milay kosa io poésie nataon'i Zanak'i Gasikara Ofisialy io kouuuu !!!

**Lÿnah Andoniaina :** le toetsaina namorona mintsy no feno fahendrena mercie Dada, hafa ihany ny Filoha Marc Ravalomanana !

**Fafah Andryan :** mbola hafa ihany io Dada ravalo io. Fa tsara be le poezia anao ry Zanak'i Gasikara Ofisialy a!

**Joige Rakotoarison :** hafa ihany ny efa ela netezana toa an-dRavalo, aza misy marary fo an!

**Mirandah Maïel :** hafa ihany Dada eeee!tena manana vinam-piarahamonina, ary tsy lany hevitra mihitsy.

**Razaf Naivo Françel :** tsy misy kianina, hafa ihany ny ketrik'i Dada Marc Ravalomanana.

**Marie Eva Ravololonirina :** mankasitraka Dada, tsy miantsy ho avy ny fotoana hiverenanao amin'ny fitondrana.

---

**HAINO AMAN-JERIM-PANJAKANA**

# Miseho lany ny "Freedomisation"

Mitaraina ny mpiasa eo an'ivon'ny ORTM, na ny haino aman-jerim-panjakana, fa misy ny tsindry hazolena eo amin'ny samy mpiara-miasa. Ny antony dia niova andriana, miova sata. Raha tena halalinina ny fanadihadiana dia miharihary toy ny vay an-kandrina fa rehefa tsy miara-mikosona na tsy manaiky izay fepetra apetraky ny lehibe , dia izay iray alehany, na ahantona amin' ny asany, na akisaka any ambanin'ny ravinahitra ny mpiasa efa ela teo amin'ny toerany. Ekipan' ny mpitondra manaiky izay tiany atao no tsy maintsy omena toerana aloha. Izany toe-javatra izany no namotika ny fitondrana sy ambaratongam-panjakana nisy teto ary mbola mitohy hatrany izany ankehitriny , araka ny fitarainan'ireo mpiasa eny an'ivon'ny ORTM. Teknisianina no ankamaroan'ny mpiasa eny anivon'ny ministera ary tena nianatra sy niofana momba izany asa fanaovangazety sy serasera izany. Misy tokoa ny tsy mahomby, fa mbo- la maro kosa ny manao ny asany , araka ny fahaizana sy fitiavana ity tanindrazana iombonana ity. Tsy afamanohitra fa atody miady amam-bato, hoy izy ireo. Toa lasa Freedomisation no iainana ankehitriny , na koa TGVisation. I Kotozafy ihany no Lexis , hoy ny fitenin'ny tanora. Tsy misy maharatsy ny fanovan-drafitra na fanavaozana tiana atao fa raha tetika politika hahazoana manorina ifotony ny fikambanana na antoko iray kosa itsinjovana ny toerana aoriana, tsy azo ekena intsony. Ny manahirana mantsy dia ireo izay nitabataba fa tsy mety izao, tsy mandeha izary, didy jadona no eto ; ireo indray no manamafy fa tsy maintsy izao no tsara ; rehefa tsy hanaraka dia mametrà fialàna , sns… Jadona sa inona no ilazana izay? Ilaina kosa anefa ny fifampiresahana izay na-mpiavaka ny Ntaolo Ma- lagasy, izay tsy mbola hita ny naharatsy azy. Efa tsapa koa ankehitriny, fa misy fifaninana-na ratsy anatiny ao amin' ireo mpiara-dia amin'ny filoha Andry Rajoelina. Ny filoha variana midedaka mametraka ny Vina izay nofinofy IEM sy ny Veliranoniny, ny etsy an-kilany kosa mihazakazaka manely sy mametraka ny ambaindain'ny fikambanana noforoniny. Ny zava-doza ao anatin'izay dia ny vahoaka foana no mizaka ny vokany. Efa nambara teto amin'ny gazetintsika fa fomba fanaon'ireo mpitondra ange no mody miady, samy mody manana paik'ady fampandrosoana dia avy eo mizara toerana sy seza, hahafahana mijanona eo amin'ny fitondrana. Ny hiafaran'izy ity dia hifanipaka toy ny valala an-karona ao izy mianankavy.

***Rajaonarimpanontsana***

---

## TONONKALO

# TSY MISY FIOVANA

Misy olona tsy miova , mampisento , mampisaona ,
Fa na fihetsika na fomba , toy ny zaza tsy ampy taona.
Tsy mba misy fivoarana , tsy ampy fanetrena tena.
Mahakivy ny olo-maro sy ny manam-pahendrena .

Mihevi-tena ho maranitra sy mirehaka ho fiharatra,
Be fitaovam-piadiana ka dia sahy mihaika varatra ?
Mba nandrasana hivoatra, kanjo indrisy mampangovitra .
Vava foana no mitriatra , toy ny vorodamba rovitra .

Mahazendana ny fihetsiny , f'izy mihevitra ho sangany .
Saingy hatreto toa tsy tazana izay mba zavatra natsangany
Potika ny firenena , very izay mba fiandrianany ;
Maizin-kitroka ny ampitso sy ny hoavin'ny taranany .

O ry olona tsy miova nefa faly ny mitonona
Fa hoe kinga sy mahay na koa Tanora Gasy Vonona.
Tsy ny fihetsikao ivelany , tsy izany no ilaina .
Mihisatra ny lamasinina ka meteza ho tonga saina !

***DADAN'i ZINA (26-06-19)***

---

Miovaova hevitra maneho tsy fahaiza-mitantana

# Mampiomana ny vahoaka hiatrika fiainana mafy kokoa

Tsy nitsahatra ny niova-ova hevitra ity fitondrana Andry Rajoelina ity tato anatin'izao tsingerenan-taona fanamarihana ny andro niverenan'ny fahaleovantena izao. Maneho tsy fahamatorana ihany koa izany mazava loatra. Tena tsy mety ary tsy mety ny hanapoahana tsipoapoaka mandritra ny andràn'ny fankalazana. Tsy mbola mety amin'ny fiainantsika sy ny zava-misy amin'izao fotoana izao izany n'inona n'inona fanazavana. Sa ho zarina hahazaka gidragidragidra ny olom-pirenena manomboka izao, ka hampiomanina sahady amin' izay zavatra hipoaka ma-fy noho ny tsipoapoaka? Efa voaomana amin'izay ve ny vahoaka ary lalana tsy ho diaviny izay?
Mila mahafantatra ny olona eo amin'ny fitondrana nofidiny ny vahoaka. Olona toa iza no hitari-dalana azy mankaiza? Raha ny tombana ataon'ireo mpandalina aloha dia tsy ho tsara velively ny zavamiandry ny vahoaka sy ny firenena na dia eo aza ireo vina sy kinasa lehibe nataon'i An-dry Rajoelina nandritry ny fampielezankevitra nataony. Mbetika ihany koa ankehitriny miovaova hevitra be ihany ny tomponandraikitra mpanapa- kevitra, aiza ka azo atao ny manapoaka tsipoapoaka teo dia avy eo indray miova hevitra fa azo atao. Fitondrana tsy milamina izany n'inona n'ino-na ambara eo amin' ny vahoaka. Ho an'ny mpandalina sy mpandinika izany, dia mbola sarotra ny hivoaran'ity firenena ity satria olona tsy matotra tsara no mitondra firenena. Ny fiovaovan-kevitra dia midika marindrano fa feno tsy fahendrena sy tsy fahamatorana ary traikefa. Midika ho mbo- la kitsapatsapa ihany koa iza-ny ary hanamafy ny fiainana atrehin'ny vahoaka isan' andro. Izany anefa tena mahavery ny firenena sy ny vahoaka ao ami-ny. Efa hita izany hatramin'izay, fa mbola hitohy ihany koa ve?

***Sôh'son***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fizarana fanomezana noho ny fetim-pirenena ho an'ny mpiasan'ny CUA tetsy Analakely.









## Sakafo Ny Valosoa



**Lelanomby saosy** indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanalefahana ny goudron sy nicotine amin'ny havokavoky ny mpifoka sigara

Fanalefahana ny goudron na tara sy nicotine ho an'ny mpifoka sigara, any amin'ny havokavok'izy ireo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy totoina na atao jus fa lomana anaty rano mamay be ary sotroina mandritra ny andro. Zavatra ilaina: sakamalaho, solila, voasarimakirana, tongolo gasy no lomana anaty rano dia atao anaty tavoahangy, sotroina mandritra ny andro. Fatrany: sakamaho mitovy amin'ny ankihikely, tongolo gasy 1, voasarimakirana 1, ravina solila 4 , rano 1l sy tapany. Tsy maninona avelao ao anatiny ao daholo ireo. Mamiana amin'ny tantely 1sotrobe koa.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vohipeno any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany

Ny tanànan'i Vohipeno any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Vohipeno. Somary iva toerana ihany izy satria 15,85 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny reniranon'i Matitanana ny tanànan'i Vohipeno. 42 km miala an'i Manakara no misy azy, amin'ny lalam-pirenena mankany Farafangana. Vokatra any ny vokatra fanondrana toy ny kafe, ny jirofo, ny dipoavatra, ny voankazo toy ny letchis.



# Jehovah, Madagasikara 23 jona 2019, hafatra manokana fetim-pirenena

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Salamo 33: 12, Sambatra ny firenena manana AHY JEHOVAH ho MPANJAKANY.***

Ry Malagasy tsy an-kanavaka.

Hianareo ve tena mino fa IZAHO JEHOVAH ILAY nahary izao tontolo izao, IZAHO ILAY FIANDOHANA sy FIAFARAN' izao tontolo izao, IZAHO ILAY miteny sy manao FANAMBARANA ho ren-tany ren-danitra fa hanova izao tontolo izao, hamerina amin' ny laoniny koa AHO an' izay hitako fa rava sy potika ary niova indrindra indrindra. JEHOVAH no Anarako ary aoka tsy hovàna. VONINAHITRA ny ANARAKO, fitahiana ny ANARAKO, famonjena ny ANARAKO. Izay rehetra avy AMIKO dia FANAVAOZAMPIAINANA tamin' izay rehetra noharіako sy nomeko ary izay nozaraiko indrindra fa JESOSY izany. Hoy ny Teniko, **Salamo 33: 12, Sambatra ny firenena manana AHY JEHOVAH ho MPANJAKANY.** Raha mbo-la tsy tanteraka izany dia tsy misy firenena miadana izany. Minoa hianareo fa raha tsy IZAHO no atrehinareo, ekenareo, inoanareo, raisinareo, tiavinareo, henoinareo ary antenainareo dia zava-poana ny zava-drehetra. Ety an-danitra AHO mijery, mitazana fa mbola variana hianareo.

Ry Malagasy o! Mba fantatrareo? Eo an-tanako ny fiainanareo ary maro izay efa nambarako tamin' ny alalan' ny mpaminany. Aoka tsy hohadinoinareo velively fa ao Madagasikara firenenareo no hanangananako ny FANJAKAKO ambonin' ny tany ary dia hanaraka izany izao tontolo izao. Mbola hafarako ihany hianareo tsy an-kanavaka manao hoe : TSY VAHINY avy any amin' ny FIRENEN-KAFA no hanao izany ASA LEHIBE izany fa hianareo MALAGASY madiodio tsy misy fangarony. Fiaraha-miasa amin' ny hafa kosa dia azo atao tsara. Ilay FIFOHAZAM-PANAHY LEHIBE sady FARANY ambonin' ny tany no hanombohako ny zavatra ho avy. Noho izany, ho anareo Fiangonana, ho anareo mpino an' i JESOSY, ho anareo mpanompoko, ho anareo vahoaka ary ho anareo mpitantana sy mpitondra firenena tsy an-kanavaka, ho anareo manana adidy sy andraikitra ary mpiandraikitra asa isan-tokony, mampandre anareo Malagasy AHO JEHOVAH ary mampiomana koa fa tsy maintsy toviko eo aminareo sy ny Taninareo ny programako. Dieny izao dia miomboнà hianareo, miraisa saina koa fa mahatsara anareo izany sady manafaingan-javatra. Mba tsy hisy eo aminareo hitsangana ka hilaza tena sy hirehareha fa zavatra na hoe miavaka sy lehibe nohon' ny hafa. Dieny izao hianareo ry Malagasy dia MIVERENA haingana AMIKO, **Malakia 3: 7** "Hatramin'ny andron'ny razanareo dia efa niala tamin'ny didiko ianareo ka tsy nitandrina azy. Miverena Amiko, dia mba hiverina ho aminareo kosa Aho Jehovah, Tompon'ny maro. Nefa hoy ianareo: Ahoana ary no ho fiverenay?". Mibebaha fa i JAONA mpanao Batisa anie efa nampilaza ny teny izay nampitondraina azy, **Matio 3: 2** "Mibebaha ianareo; fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra." . Ary na dia Isaia aza tamin' ny androny aza dia nitondra teny, **Isaia 40: 3-5** "Injany! misy feon'ny miantso hoe: Manamboara lalana any an-efitra ho an'i Jehovah, manaova lalambe any an-tany foana ho an'Andriamanitsika. Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, Aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; Aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dalana ho tonga lemaka;Dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; Fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny." Amin' izao andro farany izao no hanatanterahako izany ASA MASINA sy FANAVAOZANA LEHIBE izany. Ho anao indrindra izao teny izao ry MADAGASIKARA sy ny mponina eo aminy , **Isaia 40: 1-2** "Ampionony, ampionony ny oloko, HoyJEHOVAH Andriamanitrareo; Mitoria teny soa mahafaly amin'i Jerosalema, ka lazao aminy fa vita ny adiny, sady voavela ny helony, ary efa nandray indroa heny tamin'ny tànan'i Jehovah izy ho valin'ny fahotana rehetra nataony." Hianareo ve mihevitra fa efa miadana, sambatra??? Dia IZAHO JEHOVAH no mamaly anareo manao hoe : TSIA!!! Tsy mbola miadana, tsy mbola sambatra koa ary ampiako hoe : TSY MBOLA MAHALAO TENA koa raha tsy eo aminareo AHO JEHOVAH ka apetrakareo ho MPANJAKANAREO. Mampalahelo AHY ange hianareo e! Miady, malahelo, mifampiandany, ory, mitomany, marary, mitaraina, mifanome tsiny sy mifampiampanga, mifanaratsy sy mifanameloka ary mifandiltra, mifanondrotondro, mifampiahatsaravelatsihy sy mifampitsaratsara. Tsy tokony ho hita ao amin' ny firenena miadana sy sambatra izany rehetra izany. Tiako hianareo hahalala ny Fahamarinako. Ny programako ve? Isaia 1: 19-20 "Raha manaiky sy mankatò ianareo, dia hihinana ny voka-tsoa amin'ny tany; Fa raha mbola mandà sy miodina ihany ianareo, Dia ho lanin'ny sabatra: Fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny." Aoka ny fety eo aminareo mba hiarahanareo AMIKO.

Amen

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**Telephone :** 033 12 461 43

**E-mail :** jehovahandriamanitra@gmail.com

**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page

**Radio**:

- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Ny famaky va hirehareha amin'izay mikapa aminy? Ny tsofa va hiavonavona amin'izay manatsofa aminy? Toy ny tsorakazo, raha manetsika izay manainga azy! Ary toy ny tehina, raha manandratra ny tompony*! [Heb. manandratra izay tsy hazo]"*

***Isaia 10:15***

BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)

## Ekipa miisa 105 no nandray anjara tamin'ny fifaninanana tsipy kanetibe

Tsy manao ambanin-javatra ny resaka fanatanjahantena ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) araka ny vinan'ny ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana. Nisy ny fifaninanana tsipy kanetibe nokarakarain'ny CUA boriborintany faha-6 niarahany tamin'ny BCA, izay ahitana ekipa 105 ny sabotsy 22 sy ny alahady 23 jona lasa teo. Nanokatra izany tao an-toerana ny delegen'ny boriborintany faha 6, Fehizoro Andriamananjezika sy ny mpiara-miasa aminy . Nambaran'ity farany fa natao izao fifaninanana ara-panatanjahantena tsipy kanetibe izao, izay efa natao teo aloha ihany, fa tsy vao sambany akory , mba hitaizàna ny tanora tsy ho voasarika amin'ny fidorohana zava-mahadomelina.



*Ny fifaninanana tsipy kanetibe tao amin'ny Boriboritany faha-6.*

***Helisoa***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nizarana fanomezana ireo mpiasa rehetra

Noho ny fahatongavan' ny fetin'ny fahaleovantena, dia nizaràna vary 6 kilao sy biscuit 24 isa ary chocolat 5 isa ny mpiasa tsirairay avy ao amin'ny Boriboritany faha-5, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny alatsinainy teo. Samy nahazo ny anjarany avokoa na ireo mpiasa anaty birao, na ireo mpanadio tanàna. Izao hetsika izao dia ezaka manokana avy amin'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny boriboritany, mba hampifaliana ireo mpiasa amin' izao fety izao, hoy ny delegen'ny Boriboritany, Rakoto Richard Emmanuel.



*Ny fizarana fanomezana ho an'ireo mpiasan'ny Boriboritany faha-5 rehetra.*

***Serge***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Ankizilahy kely miisa 34 vita hasoavana faobe maimaimpoana

Hafaliana hatrany no hita soritra teny amin'ny tavan'ireo Ray aman-dReni n'ny zaza vita hasoavana teny anivon'ny Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny andron'ny talata lasa teo. Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ity Boriboritany ity dia zazalahy kely 2 taona hatramin'ny 4 taona miisa 34 teo no nanatanterahana izany famorana izany. Ny Boriboritany Faharoa ihany no niandraikitra ireo rehetra tokony ho ampiasaina amin'izany toy ny mpitsabo izay avy eo anivon'ny BMH Isotry, ny fanafody ary ireo kilalao sy malabary ho an'ny zaza vita hasoavana. Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Boriboritany Faharoa, Randrianalisoa Irvah hatrany dia famorana harifomba no natao ho an'ireto zazalahy ireto, araka izany dia nisy ny fizaham-pahasalamana mialohan'ny fandidiana azy ireo. Tafiditra tanteraka ao anatin'ny vaindohan-draharahan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana ny fanampiana sy ny fanamaivanana ny fahasahiranan'ny mponina toy izao. Ary efa asa sosialy fanao isan-taona ny famorana faobe toy izao, mahazo tombony amin'izany avokoa ireo fokontany rehetra manerana ny Boriboritany miisa enina eto an-dRenivohitra.



*Didimpoitra maimaimpoana faobe tao amin'ny Boriboritany faha-2.*

***Aly***

BORIBORITANY FAHA- 5 (CUA)

## Nampisakafo ireo mpanadio tanàna

Noho ny fahatongavan'ny fetin'ny fahaleovantena, dia nampisakafo ireo mpanadio tanàna (balayeurs, équipe technique) ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny alatsinainy teo. Izao no natao dia ho fankasitrahana azy ireo noho ny hamafin'ny asa atrehiny isan' andro amin'ny asa fanadiovana ny tanàna, amin' ireo fokontany miisa 27 ao anatin'ny boriboritany fahadimy. Mendrika ny ho ankasitrahana izy ireo noho ny asa mafy tanterahiny isan'andro amin' ny fiantohana ny fahadiovan'ny tanàna, hoy ny delegen'ny Boriboritany Rakoto Richard Emmanuel. Koa entanina hatrany ny mponina mba hitandro ny fahadiovan' ny toerana manodidina azy avy satria tsy mora ny manatanteraka ny asa fanadiovana.

*Aly*



*Ny fampisakafoanana ireo mpanadio tanàna ao amin'ny Boriboritany faha-5.*

Diosezin'i Port-Bergé

## Nifarana ny fankalazana ny faha-25 taona nijoroany

Nifarana ny alahady teo ny fankalazana ny faha-25 taona nijoroan'ny Diosezin'i Port-Bergé. Son Éminence, Cardinal Désiré Tsarahazana no nitarika ny Sorona Masina tamin'izany, notronin'i Mgr Georges Varkey, Evekan'i Port-Bergé, Mgr Rosario Vella, Evekan'Ambanja sy Mgr Armand Toasy, Eveka misotro ronono, ireo pretra maro avy ao amin'ny Diosezy ary ny avy any amin'ny Diosezin'Ambanja sy Antananarivo ary Mahajanga, niaraka tamin'ireo Kristianina marobe. « Mirosoa amin' ny lalina kokoa, (lioka 5,4) », io no teny faneva nentina nankalazana ny faha 25 taona. Tsy amin' azy raha toa ka ny Kristianina no manao zava-tra tsy mety eo amin'ny fiarahamonina. Ny vono olona, ny halatra, sns... dia tsy mifanaraka amin' ny maha Kristianina. Nentanina ny rehetra mba hanao toa an'i Md Piera tamin'ny nanekeny ny tenin'i Jesoa, ... noho ny teninao dia halatsako ihany ny harato, (Lioka 5,5). Ho an'ny pretra, ampitomboy mandrakariva ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy. Ary angatahana ny vavaka izay ataon'i Masina Maria, mba hahatanterahana ny fanarahana an'i Jesoa Kristy toy ny nataony. Ireo no hafatra nataon'i Cardinal, Désiré Tsarahazana nandritra ny fampianarana izay nataony.



*Ny lamesa lehibe namaranana ny fankalazana ny faha-25 taonan'ny Diosezin'i Port-Bergé.*

*Serge*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina aminr'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Tsy mahay mifety mihitsy ny olona sasany eto Antananarivo, fa dia mandoto tanàna fotsiny no ataony. Mon zanahary inona ity loto be eran'ny tanàna ity, fety tokoa ny andro, ka dia hahita indray ny tompon-trano dia ny CUA @fanadiovana an! Zao moa no ataontsika mponina eto Tana nefa manome tsiny ny Ben'ny tanàna isaky izay mahatsiaro. Aleo tokony mba samy hahay manadio fa mahamenatra ny toa izao loto izao ehhhh ! Aza manome tsiny be fahatany ny Ben'ny tanàna fa ny mponina mihitsy no VORETRA velona ary olona manan-katao no tena mpandoto tanàna fa tsy ireo 4mis araka ny filaza azy. Na izany na tsy izany, efa asa andavanandron'ny CUA ny fanadiovana ny tanàna, ka tsy maintsy tontosany izay andraikiny izay.

***Naivokely Raharison***
***Lot IVB..... Ambodivonkely Ambohimanarina***

## SARIITATRA : Efa niova misy sarin'olona izao ny sainampirenentsika !




Kitra, CAN 2019

## Mampanantena ny hiakarana amin' ny dingana manaraka ny BAREA

Hiakatra kianja fanindroany indray anio alina, ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra, ny Barean'i Madagasikara, amin'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019 atao any Egypte amin'izao fotoana. Hihaona amin'ny tarika tarihan'ny mpanazatra Nicola Dupuis i Burundi, ny Burundais, izay sambany koa no miatrika ny dingan'ny famaranan'ny CAN toa an'i Madagasikara. Nandritra ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny mpanazatra sy ny mpilalao dia nanambara i Bolida: "vonona hanolotra ampahavalon-dalana ho an'ny Malagasy ny Barea", hoy i Bolida, izany hoe manome fampanantenana ny Malagasy rehetra izy ireo amin'ny hiakarana amin'ny dingana manaraka. "Ny fahatafitanay any amin'ny ampahavalon-dalana no fanomezana tianay hatolotra ny vahoaka Malagasy amin'izao fetim-pirenenay izao.", hoy ihany koa i Lalaina Nomenjanahary na Bôlida, nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety mialoha ny lalao hifanandrinan'ny Barean'i Madagasikara amin'i Burundi, lalao faharoa hatrehin'ny ekipa roa tonta ao amin'ny vondrona B. Nanamafy izay fahavononan'ny mpilalao izay ihany koa ny mpanazatra Nicolas Dupuis. Ity farany izay nilaza fa sitrana avokoa ireo mpilalao naratra, izay tsy afaka niatrika ny lalao voalohany nifandonan'ny Barea tamin'i Guinée.

*Lita*



*Ireo mpilalaon'ny Barean'i Madagasikara.*

Foloalindahy

## Tsy misy ny mangaraha amin' ireo fitaovam-piadiana vaovao

Tonga ny fitaovana hoan'ny miaramila sy ny mpitandro ny filaminana isan'ambaratongany, fa ny fanontaniana tsy novalian'ny filoha Andry Rajoelina dia hoe: avy aiza ireo fitaovana ara-miaramila ireo, raha nanontanian'ny mpanao gazety ny tenany? Avy aiza ny vola nividianana ireo fitaovam-piadiana ireo hoy ny fanontanian'ny mpanao gazety? Ny navalin-dRajoelina azy dia hoe voalohany sy sambany no nisy fampidinana vidin'ny solitany fandrehitra 500 Ar teto amintsika. Tena tonga amin'ilay fitenin-jatovo ankehitriny hoe: tsy hidiran'ny vitsika amin'ny pétrole mihitsy! Raha ny hita mivantana dia fiara vita avy any amin'ny Sovietika teo aloha, na avy any Rosia, ny ankamaroan'ireo fiara tsy mataho-dalana. Izany hoe: ny Rosiana no mpamatsy fitaovam-piadiana ny fitondrana Malagasy ankehitriny. Niniany tsy novaliany io fanontaniana io satria endrika fifanaraham-piarahamiasa miafina no misy. Afera sy bizina maizina sy maloto raha tsarina, izay ataon'ny fanjakana. Nambara koa fa volan'ny vahoaka Malagasy iray manontolo no nahazoana nividy ireo fitaovam-piadiana ireo ary averina any amin'ilay nividianana azy tsikelikely. Ny vahoaka foana no mibaby izay ataon'ny mpitondra eto amin'ny firenena ity. Tena fotoana ilan'ny firenena an'ireo fitaovam-piadiana ireo tokoa ve izao? Mbola manamarina ny famakafakana nataontsika teto mantsy io satria tsy fantatry ny filoha Andry Rajoelina mihitsy ny maika sy ny tena ilain'ny vahoaka, ka lasa mibirioka any amin'ny tsy izy ny fandraisana andraikitra. Raha tena sahy mampiseho ny mangaraharaha ny Filoha dia ambarao amin'ny vahoaka Malagasy ny teti-bidin'ireo fitaovam-piadiana ireo satria ny vola any am-paosiny no mivoaka handoavana ireo, sa fanadiovam-bola maloto ataon'ny Rosiana izo zava-misy izao?

***Rajaonarimpanontsana***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/06/19 hatramin'ny 22/06/19**

- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 924-06-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BANKY IRAISAM-PIRENENA

## Tonga ny tale vaovao hisahana an'i Madagasikara

Tonga eto amintsika amin'izao fotoana ny tale vaovao hisahana an'i Madagasikara, avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, Marie-Chantal Uwanyiligira, izy indray no ho tale mpiandraikitra vaovao hiasa eto Madagasikara, hisolo an'i Coralie Gevers. Handray ny asany amin' ny maha tale mpiandraikitra vaovaon'ny Banky Iraisam-pirenena hiasa eto Madagasikara azy i Marie-Chantal Uwanyiligira manomboka amin' ny volana septambra ho avy izao. Handao an'i Madagasikara Ramatoa Coralie Gevers, tale teo aloha, noho ny fahavitan' ny fe-potoam-piasany nandritra ny 5 taona. Nitsidika tamim-pomba fifanajana ny Praiminisitra, Ntsay Christian ny delegasiona avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, notarihin'i Coralie Gevers, tale miandraikitra an'i Madagasikara, izay nahitana an'i Mark Lundell, tale mpanatanteraka, ary Marie-Chantal Uwanyiligira, tale mpiandraikitra vaovao hiasa eto Madagasikara, ny fiandohan'ity herinandro ity teny Mahazoarivo. Voaresaka nandritra ny fihaonana ny fanamafisana ny fiaraha-miasa, sy ny fifanakalozana eo amin'i Madagasikara sy ity ivontoerana ara-bola iray an'i Bretton Woods ity. Tsy afa-miala amin'ny mpamatsy vola mahazatra arak'izany isika, na efa nilaza aza ny Filoha Andry Rajoelina nandritra ny fampielezan-kevitra fa tsy dia mila azy ireo ny firenena.

***Aly***

Tranga mampalahelo

## Namoa-doza ny fetim-pirenena

Namoa-doza ny fetim-pirenena omaly teny Mahamasina, araka ny vaovao voaray farany dia maro ireo naratra mafy ary mbola tsy fantatra na nisy ny maty tamin'izao loza mampalahelo nitranga izao, satria mbola tsy azo ny isan'ny naratra, na ny maty amin' izao fotoana anoratana izao. Tao aorian'ny matso omaly tolakandro tetsy Mahamasina, maro ireo olona nibosesika niditra sy nivoaka ny kianja, ka niteraka izao loza izao. Nalefa avy hatrany etsy amin'ny hopitaly HJRA ireo niharam-boina maro nandritra izany. Tonga ao an'eritreritry ny maro indray fa raha vao misy ny fety karakarain'izao fitondrana Andry Rajoelina izao, toa misy hatrany ny rà latsaka. Toa fitondrana liandrà mihitsy arak'izany ity fitondrana ity.

***Ny Valosoa***

Vola sy fitantanam-bola

## Ho avy ny Libra, vola amin'ny tambazotran-tserasera facebook

Tsy mitsaha-mivoatra ny teknolojia eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, voakasik'izany koa ny eo amin'ny sehatry ny vola sy ny fitantanam-bola amin'ny fampiasana vola amin'ny tambazotran-tserasera na monnaie virtuelle. Hamoaka izany vola amin'ny tambazotran-tserasera, na monnaie virtuelle izany ny tambazotran-tserasera facebook afaka herintaona, izany hoe amin'ny tapaky ny taona 2020 ho avy iny. Libra no anaran'io vola havoakan'ny facebook io, ka hahafahana manao fifanakalozana ara-bola amin'ny tambazotran-tserasera sy hahafahana manana kaontim-bola koa amin'ny facebook. Araka ny tarehi-marika, olona miisa 1,7 miliara eran-tany no mbola tsy manana kaontim-bola, ireo olona ireo anefa hoy Mark Zuckerberg dia manana finday avokoa ka afaka hampiasa facebook ary hahafahana manao izao fifanakalozam-bola amin'ny Libra izay. Ny fikambanana Libra, miaraka amin'ny facebook, tomponkevitra amin'izao hampiasana vola vaovao izao dia ahitana mpikambana mpanorina miisa 28, ka orinasa ny 24 amin'ireo, ny 4 dia tahiry amerikana, ao anatin'izany koa ny sampan vaovaon'ny facebook dia ny Calibra.

***Aly***





***Mark Zuckerberg, mpanorina ny tambazotran-tserasera facebook.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 284**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0283)

***Mitsivalana***
- Vetivety
- Vola (Miv) – Tra
- Valosoa
- Eto – No
- Tsiro
- Torana
- Ila – Aina

***Mitsangana***
- Tale (Miv) – Lo (Miv)
- Tolotra
- Ivo – Sa
- Saina
- Eto – Ray
- Trano
- Ia – Rà

### TENY MIFANAPAKA N° 284




**Mitsivalana**

**1.** Fefy tsy azo oharina – Gasikara **2.** Fitaovana fakàna rano – Ao anaty vava (BR) **3.** Isa omena – Matoanteny **4.** Anio **5.** Arehitra – Renintsoratra tsy mitovy **6.** Iry, tia – Fitaovan'ny mpanjono (Miv) **7.** Namonjena **8.** Tsy takatra – Fahita lavitra **9.** Faran-teny – Teny malahelo **10.** Milaza fananana – Karazan-damba

**Mitsangana**

**A.** Fifaninana an-tsoratra **B.** Nampirimina tsara (Miv) **D.** Firariantsoa omen'ny Mpitandrina **E.** Foana tanteraka – Mpanondro **F.** Nalatsaka aina (Miv) **G.** Ajanona – Dokotera **H.** Ao amin'ny rano – Avereno amin'ny tompony **I.** Zokiolona, be taona – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Fia – Hita @ akoholahy **K.** Sakafo maivana (Miv) – Todika

### Valiny Teny mifanaraka 0283

**Mitsivalana**

1 Propagandy **2.** Vilia (Miv) – Nay **3.** Osy – Maha (Miv) **4.** Namorona **5.** Alaina **6.** Ome – H **7.** Tily – Diovy **8.** Ozona – No (Miv) **9.** Analamanga (Miv) **10.** Hao – Mino

**Mitsangana**

**A.** Paingotra **B.** Ry – Mi – GH **D.** Olombelona **E.** Piso – Izao **F.** Hariva (Miv) – OM **G.** Mandalo (Miv) **H.** Anana – Ilay (Miv) **I.** Nahaino – An **J.** Dia – Vona **K.** Miarina

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny ekipan'ny CUA notarihin'ny Ben'ny tanana Lalao Ravalomanana niatrika ny matso teny Mahamasina omaly.















